# Hanaraka ireo fanaon'ny vahoaka teo alohanareo ianareo, ohatry ny refin'ny fela-tànana, na sandry

Tatitra azo avy amin'i Abo Said Al-Khodria (R.A) : Niteny i Mpaminany (S.W.A) manao hoe : "Hanaraka ireo fanaon'ny vahoaka teo alohanareo ianareo, ohatry ny refin'ny fela-tànana, na sandry, eny na dia niditra tao anaty lavaky ny biby aza ireo dia mbola narahinareo". Niteny izahay hoe : O ry Irak'I Allah, ireo jiosy sy ny kristiana ve izany? dia namaly izy hoe : "Fa iza ndray?".
[Mari-pototra] [Notantarain'i Bokhari sy Moslim]

Mampahafantatra i Mpaminany (S.A.W) ny toe-piainan'ny vahoakany aorian'ny fotoana nisy azy, dia hanaraka ny fomba fanaon'ny Jiosy sy ny Kristiana amin'ny zavatra inoany, ny zavatra nataony, ny fomba amam-panaony ary ny fahazarany, izay fanarahana akaiky amin'ny santimetatra, toy ny halavan'ny sandry, eny na dia niditra tao amin'ny lavaky ny androngo aza izy ireo dia niditra ao aoriany ihany koa izy ireo.



النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee